# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY "VISIOCONFERENCE"

## ALAROBIA 16 JONA 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

# I- FAMPAHAFANTARANA

**Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena**

**Nankatoavina ny fandraisan'ny fanjakana an-tànana ny haban-tseranana sy ny hetra manokana momba ny fampidirana « containers » misy famokarana fanampin-tsakafo eto Madagasikara**

Ny 15 martsa 2021 lasa teo, teto Antananarivo, ny Fondation Mérieux dia nanambara ny fahavononany hanampy an'i Madagasikara amin'ny ady atao amin'ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny alalan'ny fametrahana ozinina famokarana fanampin-tsakafo ao Tolagnaro ho an'ireo mpianatra any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara. Vonona hanolotra maimaim-poana ihany koa « containers » fanampiny misy fitaovana famokarana fanampin-tsakafo ity Fondation lehibe ity.

Vokatry ny fiaraha-miasa eo amin'ny Fondation Mérieux sy ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena dia ankizy miisa dimy alina (50.000) any amin'ny faritra Anosy sy Androy no hisitraka ny vokatr'io ozinina lehibe famokarana fanampin-tsakafo io, ka hahatratra 600 taonina isan-taona ny famokarana. Marihina fa hozaraina maimaim-poana any amin'ireo toeram-pisakafoanana an-tsekoly na « Cantines scolaires » maro izany.

Resy lahatra amin'ny vokatra tsara ateraky ny fisian'izany ozinina izany sy ny tombontsoa entiny ho an'ny daholobe, indrindra ho an'ny ankizy any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena koa izany indrindra no nangatahana io fanalefahana haban-tseranana sy fanalefahan-ketra manokana io, hampidirana ireo « containers » misy famokarana fanampin-tsakafo natolotry ny Fondation Mérieux ireo.

## Ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa

### Nankatoavina ny fampidirana maimaim-poana ireo fitaovana nafarana omena ny Ivon-toerana fanofanana arak'asa na ny « Centre de formation professionnelle » na CFP ao Nosy-Be

Ny Ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa dia manohy ireo ezaka hanatanterahana ireo tanjona tratrariny, amin'ny alalan'ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa fampianarana sy fampiofanana. Isan'izany ny fanampiana ny mpiasa hanana haitao mamaly ny filàn'ny tsenan'ny asa sy hanamorana ny fampidirana ireo rehetra voaofana eo amin'ny sehatry ny asa. Arak'izany dia nisy ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny Ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa ary ny fikambanana IMANGA sy HUMANISA XXI miaraka amin'ireo manam-pahefana any an-toerana sy ireo mpiara-miombon'antoka rehetra.

Nanolotra fanomezana ho an'ny CFP Ampombolava Nosy-Be ireo mpandraharaha vahiny miara-miasa aminy. Ny tanjon'izao fiaraha-miasa izao moa dia ny hanomezana haitao sy haiasa ireo mpiofana ao anatin'ny sehatra « menuiserie métallique, mécanique automobile, moteur marin ary bâtiment » mba hamaliana ny filan'ireo sehatr'asa ireo. Ny fanatanterahana io fifanaraham-piaraha-miasa io dia mitaky ny fandraisan' andraikitry ny fanjakana Malagasy amin'ny alalan'ny fanamoran' ireo departemantam-panjakana ny fikarakarana ireo antontan-taratasy mba hampidirana maimaim-poana ireo fanomezana ireo.

## Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka

### Nankatoavina ny fahazoan-dalana handray ireto fitaovana ireto : "appareils mammographies analogiques » miisa folo (10) sy « scanners 64 barrettes » miisa dimy (5).

Ireo hetsika stratejika rehetra tanterahina eo amin'ny sehatry ny fahasalamam- bahoaka dia mitondra mankany amin'ny fanatrarana ny tanjona lehiben'ny Ministera dia ny fahasalamana ho an'ny rehetra. Izany dia mitaky ny fanatsarana ny rafi-pahasalamana misy ary koa ny fampanarahana fenitra ireo fiofanana eo amin'ny sehatry ny fahasalamana. Ny fanomezana fitaovana manara-penitra sy mifanaraka amin'ny filàna dia isan'ireo laharam-pahamehana ao anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana hahafahana manome kalitaom-pitsaboana tsara kokoa ho an'ny rehetra.

Izany indrindra no nahatonga ny Ministeran'ny Fahasalam-bahoaka nanomana drafitra amin'ny fahazoana « scanners » miisa dimy ho an'ny Faritra Anosy sy Vakinankaratra, Sambava /Antalaha ary Maroantsetra sy « mammographies » miisa folo. Ny fisitrahana izany fitaovana izany dia tafiditra indrindra ao anatin'ny tetikasam-pampandrosoana vaovaon'ny Ministera. Hahafahana mitily ny homamiadan'ny nono sy mijery akaiky ny fo sy havokavoka ary ireo taova rehetra ao anaty tratra eny hatrany amin'ny lamosina moa ireto fitaovana ireto ary hisy ny fanofanana ireo tompon'andraikitra mikasika ny fampiasana azy

## Ministeran'ny rano sy ny fahadiovana ary ny fidiovana

**Nankatoavina ny fandraisana an-tanana na « prise en charge à titre exceptionnel de Taxe sur la valeur ajoutée » an'ny fiara lehibe fakana fako na « Camion benne » miaraka amin'ny « Kit de maintenance » ho an'ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra**

Ao anatin'ny fiaraha-miasa miaraka eo amin'ny Ministeran'ny rano sy ny fahadiovana ary ny fidiovana, ny UNICEF dia mikasa hividy « Camion benne » misy « Kit de maintenance » hanampiana ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra mba hanamafisana ny haitaon'ny sampana fandraofana ireo fako vaventy.

**Nankatoavina ny fandraisana an-tanana na « prise en charge à titre exceptionnel de Taxe sur la valeur ajoutée » mikasika ny fanafaran'ny UNICEF ireo fitaovana fanasan-tanana (20 litatra) miisa 8000 ho an'ny Ministeran'ny Rano sy ny fahadiovana ary ny fidiovana**

Mitentina 686 840 000 ariary ireo fitaovana ireo ary natao indrindra ho fanomezana fanohanana ity Ministera ity amin'ny fanatanterahana ny asany manoloana ny hamehana ara-pahasalamana eto Madagasikara.

# II-FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA

## Ministeran'ny Fanajariana ny tany sy ny asa vaventy

**Nolaniana ny didim-panjakana manambara ny hampiasan'ny fanjakana na « déclaration d'utilité publique des réserves d'emprises des installations ou équipements » araka ny efa voalazan'ny drafi-pandrindrana ny tanan-dehibe na ny « Plan d'urbanisme directeur de la ville » an'ny tananan'i Mahavelona Foulpointe izay voafaritry ny reniranon'i Onibe sy ny kaominina ambanivohitra Ampasimbe Onibe, ny kaominina ambanivohitra Andondabe, ny reniranon'i Ifontsy ary ny kaominina ambanivohitra Antentezambaro ary ny Ranomasimbe Indiana**

Ao anatin'ny fanomezana fitaovam-piasana « outil de planification" ho an'ireo vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana sy mba hanatsarana ny fitantanana ireo faritra ambonivohitra na « espaces urbains », ny Ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy dia nanapa-kevitra hamolavola drafi-pandrindrana ny tanan-dehibe ho an'ny tananan'i Mahavelona Foulpointe. Araka ny andininy faha 44 ao amin'ny Lalàna laharana faha 2015-052 tamin'ny 03 febroary 2016, mifandraika amin'ny fandrindrana ny tanan-dehibe sy ny trano fonenana, ny drafi-pandrindrana ny tanan-dehibe dia ekena sy tapahana amin'ny alalan'ny didim-panjakana avy amin'ny solotenam-panjakana avy any amin'ilay faritra. Araka izany dia nokarakarain'ny Préfet an'i Toamasina ny didim-panjakana laharana faha 02/21/MID/PREF-TOA tamin'ny 08 Martsa 2021 mikasika ny fankatoavana izany drafi-pandrindrana ny tanan-dehibe ho an'ny tanànan'i Mahavelona Foulpointe izany.

Ho fampiharana ny tapany faharoa amin'ny andininy faha 44 voalaza etsy ambony, ny drafi-pandrindrana ny tanan-dehibe na « Plan d'urbanisme directeur » izay nankatoavina dia natolotra ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany sy ny asa vaventy mba hanambarana ny hampiasan'ny fanjakana izany na « déclaration d'utilité publique ».

**Natao androany faha 16 jona 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**